


# ALAHADY FAHA 06 MANDAVANTAONA – B- 2024



## **Niala tamin-dralehilahy ny habokàna ka nadio izy.**

Ry Kristianina havana, matetika averimberina amintsika fa tsy misy kisendrasendra ao amin'Andriamanitra fa asehony amintsika ny fitiavany ka anjarantsika ny manana masom-pinoana, sofim-pinoana handray hizara ary hampiely ny Vaovao mahafaly ambarany amintsika dia ny fitiavany.

Androany ao anatin'izao taonan'ny vavaka, fiomanana amin'ny taon-jobilin'ny fanantenana amin'ny

**Vakiteny I : Lev 13, 1-2. 45-46**

**Tononkira : Sal. 31**

**Vakiteny II : 1 Kôr. 10, 31-11, 1**

**Evanjely : Mk, 1, 40-45**

Taona 2025 izao no miaraka mankalaza ny andron'ny marary. Ny 11 février no natokan'l Papa Md Joany Paoly II, efa 32 taona lasa izay, ho andron'ny marary. Maninona no nisafidy ny 11 febroary ankalazana an'i Masina Maria "Notre-Dame de Lourdes" izay niseho tao Lourdes (Frantsa) efa 160 taona mahery lasa izay ho andron'ny marary? Ny antony dia tsotra : Toerana

fanaovan'ny marary pelerinajy. Maro izy ireo no tonga ao Lourdes, maro ireo izay maniry ny ho sitrana amin'ny aretina ananany sady mino ny vavaka ataon'i Masina Maria ho azy ireo. Maro ny mahazo fahasitranana ary maro ireo manao fivahiniana masina ao Lourdes na Kristianina na tsy Kristianina. Maro aza ireo tsy kristianina noho ny fahatsapany ny famindrampon'Andriamanitra dia tonga ao mitady fahasitranana araky ny voalazan'i Masina Maria tamin'i Mb Bernadette, ka mahazo

fahasoavana izay manasitrana ara-panahy na ara-nofo. Izany no nahatonga an'i Papa Md Jean Paul II nisafidy ny 11 febroary ho andron'ny marary.

Ry Kristianina havana, mahagaga ny fandaharan'Andriamanitra fa ny vakiteny atolotry ny Eglisy androany Alahady faha-6 mandavantaona, Alahady mifanojo amin'ny 11 février dia mampitodika antsika amin'i Jesoa izay manasitrana sy manadio ny fiainantsika ary manohy ny fitoriana ny Vaovao mahafaly. Eo anivontsika Andriamanitra ary tsapan'ireo izay manao fivahiniana masina any Lourdes izany.

Fanampin'izany dia azo lazaina fa habokana mavesatra amintsika izao krzy maro lafy izao ary misy aretin-mandoza mananontanona indray dia ny Cholera ankoatry ny areti-maso izay mbola mamely ankehitriny. Potika vokatr'izao krzy izao ny mahaolona antsika. Marary isika tsirairay ary marary ny fianakaviambentsika olombelona.

Ny Evanjely androany dia ahitantsika ny boka iray nanatona an'i Jesoa nangataka taminy hoe "raha mety ianao, dia mahay manadio ahy". Izany koa ny vavaka ataon'ireo marary any Lourdes miaraka amin'i Masina Maria ka tanteraka ny famindrampon'Andriamanitra sy mahazo fahasitranana ara-panahy, ara-tsaina, ara-nofo satria diovin'Andriamanitra izy ireo ka mahazo fiadanana, hafaliana.

Tian'ny Papa François ho tsapantsika koa izany raha manao hafatra manokana izy tamin'ny andron'ny marary teo : *"Amin'izao fiovana amin'ny vanim-potoana iainantsika izao dia voaantso manokana isika kristianina mba hanana ny fijery feno fangorahan'i Jesoa. Aoka isika hikarakara an'ireo izay mijaly sy ireo manirery, mety hoe atao an-jorom-bala sy voahililikila. Miaraka amin'ny fifankatiavana omen'i Kristy Tompo antsika ao amin'ny vavaka, indrindra ao amin'ny Eokaristia, dia aoka isika hanasitrana ny ratram-pon'ny manirery sy ny fitokana-monina. Noho izany, aoka isika hiara-hiasa hanohitra ny kolontsain'ny samy maka ho azy, ny tsy firaharahana, ny fanilihana ary mba hampiroborobo ny kolontsain'ny halemem-panahy sy ny fangorahana".*

Azo ampifandraisana tsara amin'ny lohahevity ny Kongresy Eokaristika io hafatry ny Papa : FIHAVANANA NO HANASITRANA AN'IZAO TONTOLO IZAO.. MPIRAY TAMPO IANAREO io, fihavanana tokoa, fihavanana sady kristianina no malagasy no hanosika antsika handresy ny fitsitokotokoana ka hifanasoa, hifampsimbina... hikarakara ireo marary. Tsy afenina amin'ireo marary mahatsiaro irery mijaly no kivy ary misy aza mitady hanome tsiny an'Andriamanitra. Aoka vonona hanatona azy ireo isika ka hanome tana-mamonjy...

Tahaka ny voalaza ao amin'ny Evanjely nodiovin'i Jesoa ilay marary hoditra ka nahazo fahasoavana. Diovin'i Jesoa koa ny fiainantsika raha eo anivontsika tokoa izy ary raha mitoetra ao aminy isika. Arakaraky ny fiombonantsika amin'i Masina Maria no iombonantsika amin'i Jesoa zanany. Tian'I Jesoa, manaja an'I Masina Maria ary Masina Maria milaza amintsika "ataovy izay rehetra lazaina aminareo... Miezaka mameño ireo sajoe saota, siny enina. Maniraka antsika koa ho tahaka an'i Masina Maria nandeha tany amin'i Elisabeta nitondra an'i Jesoa. Hikarakara ireo marary koa isika ka hitondra an'i Jesoa amin'izy ireo sy ny manodidina antsika. Tsy ho tehirizintsika ao am-pontsika fotsiny i Jesoa fa ho entintsika hikarakarana an'ireo marary na ara-panahy na ara-tsaina na ara-nofo. Aoka isika HO EOV MISIONERA VITA BATEMY KA IRAHINA HO TABERNAKLA VELONA. Nolazaintsika fa tena mila "départ vaovao" isika, Pantekoty vaovao vokatry ny fiovam-penitra mahery vaika,

“changement radical de comportement”, hametraka fifandraisana vaovao, “voadio” miala amin’ny habokana mitady hanapotika ny fainantsika. Tanteraka izany raha miezaka mameno ireo siny enina mitondra amin’ny fanorenana ETA : fanorenana ny tranoben’Andriamanitra efa tena voakiky ny habokana izay robaka amin’izao.

Ny Evanjely dia manambara koa fa tian’I Md Marka ho tsapantsika ny “emploi du temps” n’i Jesoa. Isika Kristianina dia asaina mba banana lamin’asa, lamin’asa tsy maintsy atao. Tena zava-dehibe io fahaizana mandrindra ny priorité io amin’ny fainana na dia maro aza ny zavatra tsy maintsy atrehina.

Hitantsika fa i Jesoa mitory teny dia lasa tany an-tendrombohitra mivavaka.

Ny asa fanompoana dia tsy misaraka amin’ny fivavahana. Raha mivavaka isika dia io no maniraka antsika hanompo, mila hery sy fahasoavan’Andriamanitra isika ka mila mivavaka satria hanampy antsika ho tonga Eglisy olona velona tokoa ho famantaram-pamonjena amin’ny manodidina antsika ka hahay hampitraotra ny finoana sy ny fainana andavanandro, izany hoe HO EOV MISIONERA TABERNAKLA VELONA. Ho tahaka an’i Md Paoly isika ka hilaza koa fa *“loza ho ahy raha tsy mitory ny Evanjely aho”* ary afaka milaza koa tahaka ny voalazany amin’ny vakiteny faharoa androany *“Makà tahaka ahy, toy ny akako tahaka an’i Kristy.”*

Ry Kristianina havana miroso tokoa amin’izao fihavaozana izao isika ka aoka samy haka safidy mazava tahaka an’i Masina Maria. Mety ho mafy sy mideza ny lalana mitondra antsika amin’ireo havana marary nefy tsy lavitra Andriamanitra fa miara-dalana amintsika ka matoky isika fa hositrany ary indrindra Izy mandrakariva no manana ny teny farany ka tsy maintsy areniny izao rehetra izao.

Enga anie i Masina Maria sy Md Josefa Ray Mpiairon’ny Eglisy eran-tany hivavaka ho an’ny marary rehetra. Izy anie hanampy ny olona marary rehetra ka hampiombona ny fahorian’izy ireo amin’i Kristy ka ho zary famonjena ho an’ny besinimaro. Masina Maria sy Md Josefa anie hankahery ireo izay mpikarakara ny marary, ny mpitsabo, ny fianakaviana izay azo lazaina tena mitondra faisana amin’izao “victime” voalohan’ny krizy izao. Hahazo ny tsodranon’Andriamanitra anie ka ho voadio hiala amin’izao vesatra lehibe izao. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson